



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

MALAKIA : NY FITIAVAN'ANDRIAMANITRA
MALACHIE : L'AMOUR DE DIEU

Alakamisy 17 desambra 2020
Jeudi 17 décembre 2020

NY FAHATONGAVAN'NY IRAKY NY FAHAMARINANA (Mal. 3, 1-11)
- LA VENUE DU MESSAGER DE JUSTICE (Mal. 3, 1-11)

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Chant) 428, 1-2 : Reko izao ry Tompo :

1. Reko izao ry Tompo izany antsonao,
Miantso izany mpanompo mba ho irakao !

Fiverenana :

*Inty ! Inty ! Inty aho Jeso !
Inty ! Inty ! Iraho ho aho Jeso !
Ekeko re ny ho miaramilanao
Ho vonona hanao ny Sitrakao ka iraho !*

2. Ô, diovy Tompo izany molotro !
Ka ny fo madio hanompo no atolotro.

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Mal. 3, 1-5 :

1 Indro, haniraka ny irako Aho ary izy hanamboatra lalana eo alohako. Ary ny Tompo izay tadiavinareo, dia ho avy tampoka ho eo an-tempoliny. Ary ny Anjelin' [Na: Iraky] ny Fanekena izay irinareo, dia, indro, tamy Izy, hoy Ny TOMPO, Tompon'ny maro. 2 Nefa iza no mahatanty ny andro hihaviany ? Ary iza no mahajanona raha miseho Izy ? Fa Izy dia tahaka ny afon'ny mpandrendrika sy ny savonin'ny mpanasa lamba. 3 Ary hipetraka handrendrika sy hanadio volafotsy Izy. Eny, hanadio ny taranak'i Levy Izy sy handrendrika Azy toy ny fandrendrika volamena sy volafotsy, ka dia ho an'Ny TOMPO ireny ho mpanatitra fanatitra amim-Pahamarinana.

1 Voici que J'enverrai mon messenger pour Me préparer le chemin. Et soudain, il entrera dans son Temple, le Seigneur que vous cherchez. Et le Messenger de l'Alliance que vous désirez, Le voici qui arrive, dit l'Eternel, le Maître de l'univers. 2 Qui pourra supporter le jour de sa venue ? Qui restera debout quand Il apparaîtra ? En effet, Il sera pareil à un feu purificateur, à la lessive des blanchisseurs. 3 Il s'assiera pour fondre et purifier l'argent, Il purifiera les descendants de Lévi, Il les rendra purs comme on rend purs l'or et l'argent, et c'est suivant la Justice qu'ils présenteront des offrandes à l'Eternel.

4 Dia ho mamin'Ny TOMPO ny fanatitry ny Joda sy Jerosalema toy ny tamin'ny andro fahiny sy toy ny tamin'ny taona taloha. 5 Ary hanatona anareo ho fitsarana Aho ka ho vavolombelona faingana hanameloka ny mpanana ody sy ny mpijangajanga sy ny mpianian-tsy to sy ny mpampahory ny mpikarama amin'ny karamany mbamin'ny mpitondratena sy ny kamboty ary izay mampahory ny vahiny : fa tsy matahotra Ahy izy, hoy Ny TOMPO, Tompon'ny maro.

4 Alors l'offrande de Juda et de Jérusalem sera agréable à l'Eternel comme autrefois, comme par le passé. 5 Je M'approcherai de vous pour le jugement, et Je M'empresserai de témoigner contre les magiciens et les adultères, contre ceux qui prêtent de faux-serments, contre ceux qui exploitent le salarié, qui oppriment la veuve et l'orphelin, qui font tort à l'étranger et ne Me craignent pas, dit l'Eternel, le Maître de l'univers.

Fanamarihana 1 – Remarques 1

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mana-manjo - *pour les endeuillés*
- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina – *pour ceux qui sont tourmentés par des problèmes*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 354, 1-2 : Ny Mpamonjy no mitady fihavanana aminao :

1. Ny Mpamonjy no mitady fihavanana aminao
Izy no manambitamby hanatonanao izao.
Sao manjary fandatsana ny fifonana aminao,
Ka ny mety mihavana amin'ny Mpamonjy izao.
2. Dieny misy hafanana ka mangoraka ny fo,
Manatona ny Mpamonjy sao dia mangatsiaka indray.
Izao no andro Famojena ka vonjeo sao neninao.

Ry mpanota, miverena izao ankehitriny izao.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Mal. 3, 6-7 :

6 Fa Izaho TOMPO dia tsy miova ary ianareo, ry taranak'i Jakoba, dia tsy fongana. 7 Hatramin'ny andron'ny razanareo dia efa niala tamin'ny Didiko ianareo ka tsy nitandrina azy. Miverena Amiko dia mba hiverina ho aminareo kosa Aho, hoy Ny TOMPO, Tompon'ny maro. Nefa hoy ianareo : Ahoana àry ny ho fiverinay ?

6 Je suis l'Eternel, Je ne change pas, et vous, descendants de Jacob, vous n'avez pas été détruits. 7 Dès l'époque de vos ancêtres, vous vous êtes écartés de mes Prescriptions, vous ne Les avez pas respectées. Revenez à Moi et Je reviendrai à vous, dit l'Eternel, le Maître de l'univers. Et vous dites : « En quoi devons-nous revenir » ?

Fanamarihana 2 – Remarques 2

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mpitondra antsika - *pour nos dirigeants*
- ho an'ny mpitandrina – *pour les pasteurs*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 391, 1-2 : Mpanota ô, mba mihevera tsara :

1. Mpanota ô, mba mihevera tsara
Fa mora tapitra ny andronao.
Hevero, fa ho avy ny Mpitsara
Handinika ny raharahanao.
2. Akaiky izao ny fararanon'aina
Izay hijinjana izao tontolo izao.
Ka dia tsarovy, fa ny Tompon'aina
Hanolotra izay ho anjaranao.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Mal. 3, 8-11 :

8 Handroba an'Andriamanitra va ny olona no mandroba Ahy ianareo ? Nefa hoy ianareo : Amin'inona moa no androbanay Anao ? : amin'ny fahafolon-karena sy ny fanatitra [Heb. : fanatitra asandratra]. 9 Voaozona amin'ny ozona ianareo nefa izaho no robainareo, dia izao ianareo rehetra iray firenena izao.

8 Un homme peut-il tromper Dieu ? En effet, vous Me trompez et vous dites : « En quoi T'avons-nous trompé » ? : dans les dîmes et les offrandes ! 9 Vous êtes frappés par la malédiction et vous Me trompez, la nation toute entière !

10 Entonareo ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin'ny trano firaketako mba hasiankanina ao an-tranoko, ary izahao toetra amin'izany Aho, hoy Ny TOMPO, Tompon'ny maro, raha tsy hovohaiko ny varavaran'ny lanitra ho anareo ka hampidinako fitahiana manana amby ampy ho anareo. 11 Ary hasiako teny mafy ny valala [Heb. : mpandany] noho ny aminareo, ka tsy hanimba ny vokatry ny tany intsony ireny, ka dia hahavanomboa ny voalobokareo any an-tsaha, hoy Ny TOMPO, Tompon'ny maro.

10 Apportez toutes les dîmes à la maison du trésor afin qu'il y ait de la nourriture dans ma Maison. Mettez-Moi ainsi à l'épreuve, dit l'Eternel, le Maître de l'univers, et vous verrez si Je n'ouvre pas pour vous les fenêtres du ciel, si Je ne déverse pas sur vous la bénédiction en abondance. 11 Pour vous, Je menacerai les sauterelles voraces afin qu'ils ne détruisent pas les produits du sol et que la vigne ne soit pas stérile dans vos campagnes, dit l'Eternel, le Maître de l'univers.

Fanamarihana 3 : – Remarques 3

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonantsika - *pour nos familles*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 377, 1-2 : Tsy mba hisy ho tonga ary an-danitra :

1. Tsy mba hisy ho tonga ary an-danitra raha tsy mandrombaka tokoa; Ny mpiady tsara izay maharitra no handray anjara lovasoa. Ety ary tery ny vavahady ao, kely sy mideza ny lalana mankao. Nefa aza kivy, ry havako izao, fa izay malaina dia ho very.
2. Maro no mitady hisakana anao koa mba tohero, ry sakaiza. Mba reseo mafy ny fahavalonao : fetsy izy ireo ka mahaiza. Izay rehetra mamin'izao tontolo izao dia avelao fa mamandrika anao. Aoka mba ho i Jesosy no hifalianao : eny, hifalianao tokoa.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : Ezek. 18, 20-32 :

20 Ny fanahy izay manota no ho faty. Ny zanaka tsy mba hitondra ny heloky ny rainy, ary ny ray tsy mba hitondra ny heloky ny zanany. Ny fahamarinan'ny marina ho aminy ihany ary ny faharatsian'ny ratsy fanahy kosa ho aminy ihany.

20 Celui qui pêche, c'est celui qui mourra. Le fils ne supportera pas les conséquences de la faute commise par son père, et le père ne supportera pas les conséquences de la faute commise par son fils. Le juste sera préservé à cause de sa justice, et le méchant sera condamné à cause de sa méchanceté.

21 Fa raha ny ratsy fanahy miala amin'ny fahotana rehetra izay nataony ka mitandrina ny Didiko rehetra ary manao izay marina sy mahitsy, dia ho velona tokoa izy, fa tsy ho faty. 22 Ny fahadisoany rehetra izay nataony tsy hotsarovana aminy intsony : ho velona izy noho ny fahamarinana izay nataony. 23 Moa sitrako akory va ny fahafatesan'ny ratsy fanahy, hoy Ny TOMPO, fa tsy ny hialany amin'ny alehany mba ho velona izy ?

21 Si le méchant renonce à tous les péchés qu'il a commis, s'il respecte toutes mes prescriptions et applique le droit et la justice, il vivra, il ne mourra pas. 22 Toutes les transgressions qu'il a commises seront oubliées. Il vivra grâce à la justice qu'il a pratiquée. 23 Est-ce que je prends plaisir à voir le méchant mourir ?, déclare le Seigneur, l'Eternel. N'est-ce pas plutôt à le voir changer de conduite et vivre ?

24 Fa raha ny marina no miala amin'ny fahamarinany ka manao meloka ary manaraka ny fahavetavetana rehetra izay nataon'ny ratsy fanahy : ho velona va izy ? Ny fahamarinany rehetra izay nataony dia tsy hotsarovana. Noho ny fahadisoana izay nandisoany sy ny fahotana izay nanotany dia ho faty izy.

24 Si le juste renonce à sa justice et se met à commettre l'injustice, s'il imite toutes les pratiques abominables du méchant, vivra-t-il ? Tous ses actes de justice seront oubliés parce qu'il s'est livré à l'infidélité et au péché. A cause de cela, il mourra.

25 Nefa hoy ianareo : Tsy marina ny fitondran'ny [Heb. : lalan'ny] Tompo. Mihainoa ange, ry taranak'Isiraely : Moa ny fitondrako [Heb. : lalako] va no tsy marina ? Tsy ny fitondranareo [Heb. : lalako] va no tsy marina ? 26 Raha ny marina miala amin'ny fahamarinany ary manao meloka ka maty amin'izany, dia maty noho ny heloka nataony ihany izy. 27 Ary raha ny ratsy fanahy miala amin'ny faharatsiana nataony ka manao izay marina sy mahitsy, dia hovelominy ny fanahiny. 28 Raha mahita izy ka miala amin'ny fahadisoana rehetra izay nataony, dia ho velona tokoa izy, fa tsy ho faty.

25 Vous dites : 'La manière d'agir du Seigneur n'est pas correcte'. Ecoutez donc, communauté d'Israël ! Est-ce que c'est ma manière d'agir qui n'est pas correcte ? Ne seraient-ce pas plutôt vos façons d'agir qui ne sont pas correctes ? 26 Si le juste renonce à sa justice, s'il se met à commettre l'injustice et meurt pour cela, c'est à cause de ses actes d'injustice qu'il mourra. 27 Si le méchant renonce à ses actes de méchanceté, s'il se met à appliquer le droit et la justice, il sauvera sa vie. 28 S'il ouvre les yeux et renonce à toutes les transgressions qu'il a commises, il vivra, il ne mourra pas.

29 Nefa hoy ny taranak'Isiraely : Tsy marina ny fitondran'ny [Heb. : lalan'ny] Tompo. Ry taranak'Isiraely, ny fitondrako [Heb. : lalako] va no tsy marina ? Tsy ny fitondranareo [Heb. : lalanareo] va no tsy marina ? 30 Koa samy hotsaraiko araka ny ataonareo avy ianareo, ry taranak'Isiraely, hoy Ny TOMPO. Mitodiha ka mibebaha amin'ny fahadisoanareo rehetra, dia tsy ho tonga fahatafintohinana mahameloka anareo intsony izany. 31 Esory ho afaka aminareo ny fahadisoanareo rehetra izay nataonareo, ka manaova fo vaovao sy fanahy vaovao ho anareo : fa nahoana no ho faty ianareo, ry taranak'Isiraely ? 32 Fa tsy sitrako ny fahafatesan'izay maty, hoy Ny TOMPO. Koa mibebaha ianareo mba ho velona. Amen !

29 La communauté d'Israël dit : 'La manière d'agir du Seigneur n'est pas correcte'. Est-ce que ce sont mes façons d'agir qui ne sont pas correctes, communauté d'Israël ? Ne

seraient-ce pas plutôt vos façons d'agir qui ne sont pas correctes ? 30 C'est pourquoi Je vous jugerai chacun en fonction de sa conduite, communauté d'Israël, déclare le Seigneur, l'Eternel. Revenez à Moi et détournez-vous de toutes vos transgressions, afin que vos fautes ne causent pas votre perte ! 31 Débarrassez-vous de toutes les transgressions que vous avez commises ! Faites-vous un cœur nouveau et un esprit nouveau ! Pourquoi devriez-vous mourir, communauté d'Israël ? 32 En effet, Je ne prends pas plaisir à voir mourir quelqu'un, déclare le Seigneur, l'Eternel. Changez donc d'attitude et vivez ! Amen !

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

Notre Père qui es aux cieux,

Que ton Nom soit sanctifié,

Que ton Règne vienne,

Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.

Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.

Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.

Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous du mal.

Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !

Tso-drano - Bénédiction : Nom. 6, 24-26 :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !

Fanirahana - Envoi :

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana.

Fiangonana – Assemblée :

Isaorana anie Andriamanitra - *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendue à Dieu.*

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Evry-Fitiavana, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, La Réunion, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana